


ALAHADY FAHA 30 MANDAVANTAONA A-2026



TIA AN'ANDRIAMANITRA SY NY NAMANA NO MAHA-KRISTIANINA

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady faha-30 taona mandavantaona izao dia sady Alahady hamaranantsika ny volan'ny raozery no hamaranantsika ihany koa volan'ny misiona. Mbola ao am-pontsika ny fankalazana ny Sinaody ary ao an-tsaintsika ireo fehin-kevitra maniraka antsika hiroso amin'ny lalindalina kokoa ka hahatonga antsika ho EGLIZY OLO VELONA, MIARA-DALANA, MIOMBONA, MANDRAY AN-TANANA, MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA. Miroso ny fiarahan-diantsika ka maniry mafy isika mba ho eo am-pelatanantsika ny Toro lalana

pastoraly (directoire pastoral) amin'ny taona ho avy rehefa mankalaza ny jobilin'ny faha-125 taona ny eglizy trano ambany fiarovan'i Masina Misely Arkanjely eo Joffre-Ville isika. Miasa mafy ireo ao amin'ny Secrétariat'ny sinaody ka feno fanantenana isika.

Vakiteny I : Eks. 22, 21-27
Tononkira : Salamo 17
Vakiteny II : 1 Tes. 1, 5d-10
Evanjely : Mt. 22, 34-40

Ny foto-kevitra lehibe arosen'ny Eglizy amin'izao Alahady faha-30 izao ho saintsainintsika sy ho halalinintsika ary hivelomantsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro ka hahatonga antsika hanana fiainana mirindra, araka ny averimberina amintsika hahay hampitraotra ny fiainana andavanandro sy ny finoana hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona dia fivelomana tokoa ny identitén-tsika, ny maha-kristianina antsika. Fototry ny fiainantsika tokoa no antintranterin'ireo tenin'Andriamanitra androany ireo: ny didy roa lehibe izay mifamatotra sy mifameno ary mifaningotra ka tsy azo sarahina dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny namana.

Izany tokoa no maha Kristianina antsika, maha mpiara-dàlana amin'i Kristy ka mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona. Tsy mahagaga raha ny fototra sy loharano no dinihintsika satria efa mamaramparana ny mandavan-taona isika. Amin'ny Alahady faha-34 mandavantaona no mamarana tokoa isika. Nefa raha tsaroantsika izao vanim-potoana izao dia atolotry ny Eglizy handalinana ny finoana ka isaky ny alahady dia manolotra toe-panahy fototra anankiray ny Eglizy hivelomantsika ny maha-kristianina antsika ka hanahafahantsika an'i Jesoa hahatonga antsika ho Kristy Mpiara-belona amin'ny olona...

Nandritra ny volana oktobra izay volan'ny raozery dia nibanjina ireo misterin'ny famonjena antsika isika izany hoe tsy manonona ny toko sapile fotsiny fa mampiditra ireo mystery rehetra ireo ao am-po tahaka ny nataon'i Masina Maria. Tsy hoe vita ny volan'ny raozery ka tapitra eo ny fiainana an'ireo mystery ireo, matoa isika nibanjina azy ireo dia ny mba hitahiry azy ao am-po tahaka an'i Masina Maria koa. Raha ao am-pontsika mandrakariva ireo mystery ireo dia ho Kristianina marina isika, Kristy mpiara-belona amin'olona manatanteraka ny hafatr'i Jesoa isika, ho EOv mpanorina, Mpanorina ilay Tranobe lombonana izay robaka amin'izao fotoana izao.

Ny hafatra androany dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny namana, vokatr'izany dia manaja ny hafa ary manaja ny tontolo iainantsika ihany koa isika. Hiezaka tokoa àry isika araky ny averintsika matetika ho "generation mpanorina" fa tsy mpandrava raha manatanteraka io hafatra arosan'ny Eglizy ho antsika anio io.

Ny fivelomana an'izany no voalaza amin'ny bokin'ny Eksaody ao amin'ny vakiteny voalohany raha mananatra ireo vahoaka i Moizy sy mananatra antsika ihany koa : *"Aza manao izay mampalahelo ny mpitondra tena sy ny kamboty; fa raha manao izay mampalahelo ireny ianao, dia hitaraina amiko izy, ka hohenoiko ny fitarainany; hirehitra ny hatezerako ka haringako amin'ny sabatra ianareo; ary ny vadinareo ho mpitondra tena, ny zanakareo ho kamboty."*

Tian'Andriamanitra ho tsapantsika fa ny fifandraisana Aminy ao anatin'ny fahamarinana sy fifankatiavana dia tsy maintsy miantefa amin'ireo manodidina fa indrindra amin'ireo madinika.

Aoka ny trosa ananantsika araky ny ampianaran'i Md Paoly mba ho trosam-pitiavana, aoka hifanasoa isika, hanao ny soa iombonana ka amin'izay manorina isika, amin'izay hahay handavorary ny fiainantsika andavanandro isika. Lalana lehibe mahatonga antsika ho Kristy Mpiara-belona izany raha tanteratsika.

Inona tokoa moa ny tanjona tiansika ho tratarina amin'izao Sinaody faha-7 izao hahatonga antsika ho olon-dehibe amin'ny finoana, ho génération mpanorina, manorina ny fianakaviam-ben'Andriamanitra, ny Tranobe iombonana mitady ho robaka ka hahatonga antsika handray an-tanana manorina rafi-piainana hahitan'ny tsirairay sy ny rehetra fivelarana ny maha-olona sy olona manontolo...

I Jesoa ao amin'ny Evanjely, raha nisy nanontany Azy ny làlam-piainantsika dia nilaza fa tsy inona fa ny fitiavana an'Andriamanitra sy fitiavana ny namana, io no hanahafantsika an'Andriamanitra ka iombonantsika Aminy tanteraka.

Ny hoe mitia an'Andriamanitra sy mitia ny namana ary manaja ny tontolo iainana dia ny fanaovana ny marina ka hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny amin'ireo manodidina antsika : manao soa ireo mahantra, mitady ny soa iombonana ary ny fivelomana an'izany dia mitondra antsika amin'ny fampihavanana marina izay averimberintsika matetika sy irintsika tokoa dia ny fihavanana sady Kristianina no malagasy. Tsy ho tanteraka anefa izany raha tsy ao anatin'ny fahamarinana sy anatin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Izany no hanahafantsika an'Andriamanitra. Mila fibebahana izany. Mila fiovam-penitra tokoa. Io no takin'ny fikaonan-doham-pirenana hitondra amin'ny fihavaozana.

Tsy misaraka amin'ny fivelomanana ny marina ny famelan-keloka satria ny famelan-keloka dia anisan'ny fisehoan'ny fitiavana. Hoy indrindra ny Papa François mampianatra antsika : *“Raha tsy misy famelan-keloka dia tsy misy fanantenana, tsy misy fiadanana. Ny famelan-keloka no rivotra manadio ny rivotra voaloton'ny fankahalana, io no fanafody manasitrana ny poizin'ny lolom-po, io no fitaovana mampitony ny fahatezerana sy manasitrana aretina maro ao amin'ny fo”*. Famelan-keloka miaraka amin'ny fahamarinana no ahafahana mandritra ny fifandraisana ka mitondra amin'ny fiombonana, amin'ny fihavanana marina. Io izany no lalana tsy maintsy hijorantsika amin'ny fanarenana an'i Madagascar. Mila io toe-panahy io ny Fikaonan-doham-pirenana..

Izany no ambaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa raha miteny mivantana amin'ireo Kristianina tany Tesalonika izy, nodrainy manokana izy ireo satria nahay nandray ny fampianarany sy ny Evanjely izy ireo : *“Noho ianareo nandray ny teny tamin'ny fahoriana be sy tamin'ny hafaliana avy amin'ny Fanahy Masina, dia tonga nanahaka anay sy ny Tompo ianareo, ka tonga fakàn-tahaka ho an'ny mpino rehetra any Masedônia sy Akaia kosa indray”*

Ry Kristianina havana, raha mivelona ireo didy roa lehibe ireo izay tena mifameno isika dia zary Kristy mpiara-belona amin'olona tokoa ka zary fahazavana sy fanasina, ary izany no làlana anorenantsika ny Eglizy olo, zary fianakavian'Andriamanitra isika ka olo araiky ao Aminy.

Izany no irintsika amin'izao fidirantsika amin'ny volana novambra izao izay hibanjinantsika ihany koa ireo havantsika izay nialoha làlana antsika ka atombotsika amin'ny fankalazana an'ireo izay niaina ny didy lehibe roa mifamatotra tsy afaka misaraka dia ireo olona masina.

Masina izy ireo satria nivelona ireo didy napetrak'i Kristy dia tokana ihany fa samy FITIAVANA. Aoka ho tsapantsika fa ny atao “masina” dia izay “miombona” amin'Andriamanitra. Miombona amin'Andriamanitra ianao raha mivelona ny fitiavana araka ny hafatr'I Jesoa amin'ny Evanjely raha namaly ny Farisianina izay mihevitra ho mpahay làlana.

Inona moa no atao fitiavana?

Ny fitiavana dia manao soa ho an'izay tiana sy mandray ny maha izy azy. Izany hoe manome ny maha anao manontolo satria izany no faratampony ary izany no fitiavana ho an'izay tiana : mandray izay maha-izy araky ny maha-izy azy izay eo amin'ny fiainana iombonana Aminy ka amin'izay zary olo araiky ao amin'Andriamanitra isika sy iray fahamasinana ao Aminy. Tsy ho hisy izany raha tsy mivelona ny fahafoizana sy ny fifamelan-keloka isika. Io no mitondra amin'ny fitoniana, zary fihavanana, fihavanana sady kristianina no Malagasy miteraka fiombonana hahitana ny fivelarana ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra.

Izany no antenaintsika raha mibanjina ireo olona masina isika amin'ny voalohan'ny volana novambra hankalazaintsika tsy ho ela.

Ry Jesoa Tomponay ô, ampianarinao anay mazava ny làlana iombonanay Aminao ka hahatonga anay ho tena zanak'Andriamanitra, tsy inona izany fa ny fanatanterahana ny didim-pitiavana dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny namana ary ny fanajana ny tontolo iainana izay manambara ny fiombonana Aminao. Koa enga anie izahay ho tia ny Rainao, ho tia ny namanay araky ny ohatra efa nomenao anay ka hivelona tanteraka ao aminao izahay, hiadam-pinaritra, hifanasoa, hifanatsara ary hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hivelona ny tena fahamarinana ao anatin'ny fihavanana marina dia ny fihavanana kristianina sady Malagasy. Hanana fahafoizana izahay ka ho vonona hanompo sy hifamela heloka. Masina Maria Mpanjakavavin'ny Rozery tantano izahay ho vonona hanatanteraka ny didim-pitiavana mba hanahaka an'I Jesoa izahay. Md Josefa Mpiaro ny Eglizy eran-tany, mivavahà mba hivelona ny fihavanana sady kristianina no malagasy izahay hahafahanay manorina fianakaviam-ben'Andriamanitra, ny Tranobe lombonana izay mitady ho rava noho ny hetraketray olombelona. Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson